# Ilay Voa Tsara Nafafy 06 Mey 2019

# 6 **Alatsinainy**
mey

***(Hoy Jesosy :)*** **Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia.** Jaona 13. 35

**Ny fitiavana tsy manisy ratsy ny namana.**
Romana 13. 10

**Raha tsy manana fitiavana aho, dia tsinontsinona (2)**
*Sombiny nalaina tao amin'ny Baiboly*

*„Na dia miteny amin'ny fitenin'ny olona sy ny anjely aza aho,*
*kanefa tsy manana fitiavana,*
*dia tonga varahina maneno sy kipantsona mikarantsana aho.*

*Ary na dia manana faminaniana aza aho ka mahalala ny zavamiafina rehetra sady manana ny fahalalana rehetra, ary na dia*
*manana ny finoana rehetra aza aho*
*ka mahafindra tendrombohitra,*
*kanefa tsy manana fitiavana,*
*dia tsinontsinona aho.*

*Ary na dia omeko ho an'ny malahelo aza ny fananako rehetra,*
*ary na dia atolotro hodorana aza ny tenako,*
*kanefa tsy manana fitiavana aho,*
*dia tsy mahasoa ahy akory izany.*

*Ny fitiavana mahari-po*
*sady mora fanahy ;*
*ny fitiavana tsy mialona,*
*tsy mirehareha,*
*tsy mieboebo,*
*tsy manao izay tsy mahamendrika,*
*tsy mitady ny azy,*
*tsy mora sosotra,*
*tsy manao otripo,*
*tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana,*
*fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa,*
*mandefitra ny zavatra rehetra, mino ny zavatra rehetra,*
*manantena ny zavatra rehetra, maharitra ny zavatra rehetra.*
*Ny fitiavana tsy ho levona mandrakizay…*

*Ary ankehitriny dia ireto telo ireto no mitoetra :*
*ny finoana, ny fanantenana, ny fitiavana ;*
*fa ny fitiavana no lehibe indrindra amin'ireo."*

*(1 Korintiana 13. 1-8, 13)*